Ny Valosoa sy Hadihady 3
**Tsy fialofan'ny malemy ny Fitsarana Malagasy**

Fitokanana orinasam-bahiny 7
**Henatra ho an'ny fitondrana Rajoelina**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 7 desambra 2021 Laharana 1241 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Sakaiza manody 6
**Moto sy vola 40000 Ar latsaka namonoany ny namany**

**Raharaha Apollo 21** 3

## Nampidirina tany am-ponja i Sareraka



**Avy notsaraina teny amin'ny PAC** 2

## Naverina any Tsiafahy indray i Mbola Rajaonah



**Tolotanana ho an'ny any Farafangana** 2

## Tonga maro ny olona namaly ny antson'ny RMDM



**Renirano lehibe 3 no mandalo eto** 2

## Tsy tokony hijaly rano Antananarivo sy ny manodidina



**Anosizato Atsinanana** 6
Mirongatra indray ny vaky trano miaro vono olona

**Faritra Analanjirofo** 7
Mitotongana hatrany ny vidin'ny jirofo

**Daka kely**

Misy akama pehana dia misy akama tsy pehana izany ry Boaikely a !

TOLOTANANA HO AN'NY ANY FARAFANGANA

# Tonga maro ny olona namaly ny antson'ny RMDM

Tontosa ny sabotsy teo tao amin'ny kianjan'ny Finoana Behoririka ny hetsika tolotanana, ho an'ireo traboina rava fananana noho ny haintrano mahatsiravina nitranga tany Farafangana faritra Atsimo Atsinanana, izay nokarakarain'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara (RMDM). Tonga maro ireo mpanao politika mivondrona ao anatin'ny RMDM, teo ireo mpikatroka manerana ny faritra maro teto Madagasikara na alavitra aza toy ny tany Toamasina, Toliara, Morondava, Mahajanga, sns… Tonga maro koa ny olona maro malala-tanana, olon-tsotra maro tokoa, nitondra izay voatsirambin'ny tanany. Tolotanana ho an'ny any Farafangana, izay fanombohana ihany no natao tao amin'ny kianjan'ny Finoana, fa ho avy hanala ny fahasahiranana ho an'ny vahoaka manerana an'i Madagasikara ny RMDM araka ny fanambaràna nataon'ny filoha lefitry ny RMDM Faritany Toliara ny Pasitera Tsarahame Edouard. Fitaovana maro toy ny vola, fitafiana, lamba firakotra ary fitaovana kojakoja an-dakozia nonatolotry ny mpikambana RMDM sy ny olon-tsotra maro. Nisaotra ireto farany ny filoha lefitry ny RMDM ao amin'ny faritany Fianarantsoa sady avy any Farafangana Tabera Randriamanantsoa noho ny fanomezana izay nataon'ny mpiaramitolona ho an'ireo traboina any an-toerana. Na dia antoko mpanohitra aza dia hita hoy izy ny fitsinjovana ny mpiray tanindrazana. Mbola mitohy hatrany ny fandraisana ireo fanomezana, ka ao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM ao Bel'Air Ampandrana no andraisana izany.



*Ny hetsika tolo-tanana tetsy amin'ny Kianjan'ny Finoana Behoririka ny sabotsy teo.*

***Helisoa***

Kaominina Manjakandriana

# Miara-miasa akaiky amin'ny Wateraid sy ny Ezaka Vaovao

Notontosaina omaly tany amin'ny toerana malalaka an'ny Kaominina Manjakandriana ny andro iraisampirenena amin'ny fampiasàna kabone, na toeram-pivoahana ara-pahasalamana. Ny lohahevitra noraisina tamin'ity taona ity dia ny hoe : « Ny maha sarobidy ny fampiasana ny kabone ara-pahasalamana ». Nisy ny fizarana loka ho an'ny Fokontany madio, ka ny Fokontany Marinjara no nahazo ny voalohany, Betsitoavina no faharoa ary Ambohimiadana no fahatelo, ny loka tamin'izany dia fitaovana fanadiovana, toy ny borety, angady. Ny ben'ny tanàna ny kaominina Manjakandriana Rakotondrahiratra Fitia Fenohery, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) dia naneho fisaorana ny Wateraid, ny fikambanana Ezaka Vaovao tamin'ny fanohanana ny hetsika, sy ireo vahiny tonga nanotrona rehetra ary ny fokontany rehetra ao anatin'ny kaominina Ambonivohitra Manjakandriana faritra Analamanga.




*Ny lanonana tany Manjakandriana omaly.*

***Helisoa***

Avy notsaraina teny amin'ny PAC

# Naverina any Tsiafahy indray i Mbola Rajaonah



Niakatra fitsarana teny amin'ny PAC (Pôle Anti-Corruption) omaly, ny mpandraharaha Mbola Rajaonah, izay mpanolotsaina manokan'ny filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina ihany koa. Firaisana tsikombakomba tamin'ny fanodinkodinana volam-panjakana, no anisan'ireo iampagana azy ka nandefasana azy tany amin'ny fonjan'ny Tsiafahy. Araka ny vaovao azo teny amin'ny PAC 67 ha, ahemotra amin'ny fotoana manaraka indray izany fitsarana azy izany, tsy mbola voafaritra hoe rahoviana ny daty fanemorana, fa raha ny vaovao azo avy eny amin'ny PAC 67 Ha dia ahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fitsarana ity olon'ny fitondrana teo aloha ity noho ny tsy fahatongavan'ny vavolombelona no nahatonga izany. Arak'izany dia mbola naverina any amin'ny fonjan'i Tsiafahy izy. Mbola mitohy ihany arak'izany ny antsojay ataon'ny fitondrana Rajoelina amin'ireo olon'ny fitondran-dRajaonarimampianina. Mbola any am-ponja koa hatramin'izao i Claudine Razaimamonjy, ny ministra teo aloha Rolly Mercia, Berija Ravelomanantsoa,…

***Stefa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

## Renirano lehibe 3 no mandalo eto

# Tsy tokony hijaly rano Antananarivo sy ny manodidina

Raha ny tokony ho izy dia tsy tokony hijaly rano mihitsy Antananarivo Renivohitra sy ny manodidina, satria renirano lehibe telo no misy eto mamakivaky sy manamorina ny tanàna dia Ikopa sy Imamba ary Sisaony.
Matoa tsy lavorary ny famatsian-drano ny tanàna sy ny fanondrahana ny tanimbary dia ny mpitondra mihitsy no efa tsy hanao raha.
Mikasika ny rano fisotro sy fidiovana dia sady tsy ampy no miloko toy ny lokon'ny mpitondra ny rano mivoaka ny vavam-paompy, efa be izay resaka nambara mikasika ny fanatsarana ny famatsiandrano izay, saingy dia bala rora avokoa fa tsy hita izay fampiharana ireo voalazan'ny vava, ary ireo mpitondra dia mahita hanilihana hatrany rehefa tonga ny tsy fahombiazana, sambany farany teo vao mba niala tsiny noho ny fahalotoan'ny rano ny minisitra miadidy ny rano, fihetsika tsy fahita nandritra ny nitondrandRajoelina iny , asa na tandindonin'ny famerenana ny volan'ny Banky iraisampirenena angamba, ka tsy maintsy mba mody nampandry adrisa.
Ny rano fisotro sy fidiovana no tsy ampy sy tsy madio fa ny fifehezana ny rano tsy handifotra koa mbola tantara hafa.
Andro vitsivitsy izay dia nandatsaka orana voatrolombelona ny mpitondra, tsikaritra ny kitoatoa sy ny tsy firindran'ny asan'ny mpitondra foibe sy ny Cua satria, nialohan'ilay fandatsahan'orana dia tsy mba nanararaotra nanadio lakandrano ny Cua, dia ireny niara-nahita ireny ny zava-nitranga fa dia Antananarivo anaty rano no niantsoana ny faritra iva, na ny kianja fanaovambaolina nandaniana volabe aza dia lasa ''piscine olympique".
Eto Antananarivo no ahitana ireo minisitera rehetra , eto koa ny Apipa izay misahana ny fikarakarana ny lemak'Antananarivo ary indrindra ny Cua izay nambara fa olon'ny fitondrana no mitondra ao, kanefa dia mangetaheta ambony lakana ny vahoakan'Iarivo, satria tsy hain'ireo rafitra voalaza ireo ny mahatonga ny rano ho any an-tokantran'ny vahoaka, tsy vitan'izay ihany fa karakaina ny tanimbary tsy voatondraka , kanefa koa difotra voatery manainga zipo ny vahoaka amin'ny faritra iva vao misy orana misesisesy .
Kabary zato teny arivo, fa ny azo ambara dia tsy mahavahaolana ireo mpitantana isan'ambaratongan, tsy misy afa tsy ny fialan'izy ireo no vahaolana, satria efa nomenjanahary ny entimanana izy ireo , kanefa tsy mahay ny tokony hataony fa variana mitsentsitra ny hatsembohambahoaka , noho izany tokony hanasa tanana amin'ireo amin'izay ny vahoakan'Iarivo, ny sahaza an'ireo tsy mahomby ireo dia tokony hadio amin'izay ny rano nitan'izy ireo.

***Ny Valosoa***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Tolotra R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy fialofan'ny malemy ny Fitsarana Malagasy

« Ity Lapa ity dia ho fikarohana ny fahamarinana sy ho fialofan'ny malemy ary ho andrimpirenena». Io no soratra hita avy hatrany raha vao miditra ny Lapan'ny Fitsarana, tsy miala mihitsy io soratra io mandavantaona, ankoatr'izany dia tazana koa ny sary famantarana ny fitsarana dia sarin'ny lelamizana roa mifandanja tsy mitanila, misy dikany lehibe koa io sary io.

### NY ''HCC" SY NY "CENI "

Ireny niaraha-nahita ireny ny fomba fiasan'io fitsarana avo io tamin'ny fifidianana filohampirenena tamin'ny 2018, fa dia fitsarana mitafy henatra, miaro anjambany ny mpangala-bato, hany ka lasa fiteny vazivazy ilay nambaran'Ingahy Rakotoarisoa Jean Eric manao hoe "azo raisina fa tsy mitombina ", marihina fa nahavita fianianana ara-dalàna ny ''Hcc'' teo aloha, fa ny "Hcc " ankehitriny koa vao mainka loza, satria dia olon'ny fitondrana roanjato isanjato, tsy misy azo antenaina amin'izay fahadiovan'ny fifidianana, fa dia efa fomba fanao ilay fianianana, ireo mpikambana ao amin'ny " Ceni " vaovao rahateo koa dia olon'ny fitondrana arivo isanjato, satria ny vadin-dRamatoa Minisitra no filoha vaovaon'ny " Ceni", iny eo ihany fa ny tena mampisitri-belona dia io filoha io ilay mpikambana notendren'Ingahy Filohan'ny Repoblika, mazava izany fa dia miady ny tadin-dokanga ho an'ny roa tonta, fa dia mbola ho loza noho ny teo aloha ny hoso-pifidianana.

### NY BIANCO SY NY PAC

Najoro ireo rafitra ireo iadiana amin'ny kolikoly amin'ny endriny rehetra, hatramin'izao anefa dia malaza tsy ihinanana toa vilian-tsahona ireto izy, satria toa minia mangina tsy miteny manoloana ny karazankolikoly izay tsy takona afenina fa mibaribary sahala amin'ny tafika andrefan-tanàna, ny raharaha '' bonbons sucettes" sy "écrans plats ", ny mikasika ireo fiara be dia be novidina nentina niady tamin'ny aretina koronaviriosy tamin'ny taona 2020, tsy hita nanjavonana tamin'ny 2021, kanefa dia odian'ireto rafitra ireto fanina fotsiny ireo voalaza ireo, satria olon'ny fitondrana no voasaringotra, nesorina tamin'ny toerany fotsiny ireo minisitra tompon'ny ketrika dia samy vita ny raharaha, tsy nisy tohiny, tsy namerimbola toy ireo mpampanofa fahafinaretana.

Fa ny raharahampitsarana mbola vao mafana dia ny fitsarana an'i Dr Ramasomanana Ravo Nambinina, izay vao tamin'ny Alatsinainy 06 Desambra 2021 teo no nivoaka ny didimpitsarana, nohafahana noho ny fisalasalana ity dokotera ity, kanefa dia mbola takiana onitra 1 tapitrisa ariary indray.

Raha tsiahivina dia ny Dr Ramasomanana Ravo Nambinina, no sahy nanambara ampahibemaso ny fisian'ny kolikoly tao amin'ny Minisiteran'ny fahasalamana, tsy norahirahian'ny "Bianco" sy ny "Pac" ny fisian'ny kolikoly tao amin'ny minisiteran'ny fahasalamana, fa ny fitsarana an'ilay dokotera sahy nijoro indray no nataon'ny fitsarana dia navadika ny resaka, ka nolazaina fa manalabaraka ny fitondrana hono ny Dr Ramasomanana Ravo Nambinina, dia iny izy notsaraina iny, kanefa ilay fitondrana efa hatramin'ny nijoroany no efa afa-baraka foana.

### RAHARAHA APOLLO 21

Ny azo antoka aloha dia tsy ho eken'ny fitsarana malagasy ny fangatahan'ny Me Razafinjatovo Willy, izay nitaky ny tokony handefasana mivantana amin'ny Rnm sy Tvm ny fizotran'ny fitsarana ny raharaha " Apollo 21 ", ny nanaitra tamin'ity raharaha ity dia ny nampidirana teny Antanimora an'ilay mpanankanto Sareraka iray andro mialoha ny fotoampitsarana, kanefa hatramin'izay navela nilamina tany amin'izay nisy azy, tsy izay ihany fa 13 ny isan'ireo olona nafindra teny Antanimora, ka asa na fifanandrifian-javatra na niniana natao hanamasinana ilay tarehimarika.

Ny azo antoka dia tsy ho vita ao anatin'ny andro vitsivitsy ny fitsarana, noho izany dia hody isan-kariva any Antanimora izy 13 mandra-pivoakan'ny didimpitsarana. Ho hita eo na hisy didy raikitra hivoaka avy hatrany na hahemotra aorian'ny fialantsasatry ny fitsarana ny famoahana didy, izay midika hoe manao Krismasy sy taombaovao any am-ponja izany ireto voarohirohy.

### DIA INONA IZANY NY FITSARANA MALAGASY ?

Arak'ilay soratra hita eny amin'ny Lapan'ny fitsarana sy ny sarin'ny mizana tsy mitanila tazana eny koa, dia ny fitsarana tokoa no tokony ho lapan'ny fahamarinana, saingy indrisy fa amin'izao fitondrana Rajoelina izao dia lasa rafitra mpiaro ny mpanao ratsy sy mpambotry ny firenena sisa ilay fitsarana, ary ireo biraompanjakana iasan'ireo tompon'andraikitra dia lasa zohy fieren'ny jiolahy.

Tokony hianiana amin'ny baiboly toy ny nataon'ny Filoha Ravalomanana fony izy nandray fahefana ireo rehetra izay miasa amin'ny fitsarana, satria efa tsy nahitana vokatra ny endrimpianianana toy ny nataon'ny ''Hcc'', ny ''Ceni ", ny " Bianco'', ny "Pac", sns… satria izy rehetra ireo dia toa Ingahy Filoha ankehitriny no nanaovan'izy ireo fianianana, satria dia arovany fatratra ilay Filoha sy ireo olony na dia hita izao aza fa meloka, ary ireo tsy mitovy hevitra amin'Ingahy Filoha tsy atao mahita ny rariny fa avilvily araka ny tokony ho izy ny zotram-pitsarana.

Noho ireo zava-nitranga ireo dia tokony hovaina na hesorina ilay soratra eny amin'ny Lapan'ny fitsarana, toy izany koa ilay sarin'ny mizana satria mandatsa ny vahoaka malagasy.

***Ny Valosoa***

Raharaha Apollo 21

# Nampidirina tany am-ponja i Sareraka

Niakatra fitsarana omaly, tetsy amin'ny Lapan'ny Fitsarana Anosy ilay raharaha Apollo 21, raharaha voalaza fa nisian'ny fikasana hamono ny filoha Andry Rajoelina. Olona miisa 20 mahery no voakasika amin'izao raharaha izao, ka tokony hohenoina mandritra izany fotoam-pitsarana izany, tokony hohenoina koa ireo vavolombelona, ny mpiampanga, ny mpisolovava,… Fa mialoha ny nanombohan'io fitsarana omaly io, nampidirina teny Antanimora ny voampanga miisa 13 sy ny mpanakanto Sareraka. Nahagaga ny maro ihany izany, satria iaraha-mahalala fa ity mpanakanto ity dia anisan'ny olona akaiky an'i Andry Rajoelina,



*Ny tetsy amin'ny Fitsarana Anosy omaly.*

ary anisan'ny nanana ny toerany nandritra ny fanonganam-panjakana tamin'ny taona 2009. Fa raha tsiahivina ny alahady teo, manamboninahitra miisa 13 no naiditra amponja, niaraka tamin'ny mpanakanto Sareraka, taorian'ny fanatanterahana ny pitsompitsony araka ny lalàna, nahafahana naka azy ireo. Tsy nisy nanohitra izany ireo manamboninahitra jeneraly voakasika, rehefa nomena ny tomponandraikitry ny fandraharahana ny fonja ny taratasy momba azy ireo. Anisan'ireo naterina teny amin'ny fonjan'Antanimora koa i Sareraka araka ny efa voalaza teo. Tao amin'ny fitsarana Anosy efitrano faha-4 no natao ny fitsarana. Olona 20 mianadahy: vehivavy 2 sy lehilahy 18, no nijoro nanoloana ny mpitsara sy ny mpitsara mpanampy 6 mianadahy. Nisintona fotoana fohy ny fitsarana taorian'ny fiantsoana anarana ary nitohy avy eo.

***Ny Valosoa***

TROSAN'NY JIRAMA VOALOA

# Miandry ireo tompon' andraikitra nanodinkodimbola ny maro

Araka ny nambaran'ny minisitry ny vola Rindra Hasimbelo Rabarinirinarison ny herinandro teo, voaloa ny 2 desambra lasa teo ilay trosan'ny Banky iraisam-pirenena tamin'ny orinasa JIRAMA, avy amin'ilay tetikasa Pagose. Ny nahagaga ny mpanara-baovao tamin'ity raharaha ity, nahoana no nitaky maika ny volany ny Banky Iraisam-pirenena tamin'ity indray mitoraka ity, mbola tsy nisy an'izany hatramin'izay. Ny fifanarahana amin'ny Banky Iraisam-pirenena amin'ny ankapobeny dia mandritra ny 20 na 30 taona no mandoa ny trosany, ary amin'ny tahan-janabola ambany izany. Matoa nitranga ny toy izao, tamin'izao fitondrana Rajoelina izao dia tena mampiseho ny tsy fahaiza-mitantana sy ny halatra ataon'izao fitondrana izao. Voaloa ny trosa, fa afaka mba mahazo tatitra ve ny vahoaka ny amin'ny vola nandoavana azy hoe avy taiza? Afaka mahafantatra ve ny vahoaka hoe, nankaiza izany ilay vola nanjavona tao? Tsy tokony hisy ve ny fanadihadiana hatao hahafantarana marina izay zava-nisy tao, satria na misy vola naloa, na misy vola tokony ho nampiasaina, dia volam-bahoaka foana no resaka eto, ka rariny ny vahoaka raha mahalala izay alehan'ny hetra aloany, rariny ny vahoaka raha tsy tompon-trano mihono, fa raha sanatria tsy hisy izany rehetra izany,dia mampanontany tena foana hoe misy mpitondra ve eto ?

***Niaina***




*Ny foiben-toeran'ny orinasa Jirama etsy Ambohijatovo Ambony.*

TONONKALO

# O ry jiolahy mpandainga !

Ireo milaza ny tsy mety, mampipongatra ny marina,
Ireny indray ankehitriny no "ampangaina" sy "amboarina"?
Ary mbola hosoram-potaka, ampandoavina lamandy,
Na tebahina mihitsy fa hoe olona mavandy ?

Raha izay no sary hita dia tsy ampiana, tsy analana,
Fa jiolahy no mialokaloka ao anaty fitondrana,
Ka ireo olona mitaky ny mangarahara hatrany,
No adoboka any am-ponja sy hazaina sesilany !

Aza gaga koa isika raha fiadiana no hafarana,
Fa ho an`ny jiolahy dia izay no tena lohalaharana,
Handripahany ny hafa izay manelingelina azy,
Sy hiarovany ny namany,tsy higadra, tsy ho voasazy.

Ireo "be kibo" efa mivondraka, mampiaiky ny vahoaka,
No vao mainka toa mibontsina sy efa mila ny hipoaka,
Fa iretsy fisa-kibo sy efa kely ny eny an-tanany,
Toa vao mainka esorina aminy ny rehetra mba ananany!

…Dia mba inona àry izany no entinao hiarovan-tena,
Manoloana ireo "mpamatsy" sy "ny iraisam-pirenena",
Ny amin`iretsy volabe izay toa nanjavona tanteraka ?
(Tsy nisitraka an`izany anie ny ory sy ny reraka !)

Sa dia fafy lainga hatrany no hany sisa ianteherana,
Mba ho fanadiovan-tena sy ho fiarovan-toerana ?
O ry olona tsy marina nefa hita ho mihangetroka,
Izato lainganao, tsarovy fa tsy maintsy ho vaky betroka !

…Donga takona ny lainga hoy ny manam-pahendrena,
Fa mahia raha mifanatrika ka meteza hitsara tena.
Sady mbola averina eto mba ho fehin`ny androany
Fa "ny marina irery no hany handova itony tany"!

***DADAN`i RIANA (01-12-21)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fananganana ny FOKOTIM Ankadindratombo ny alahady teo.









Ny vehivavy TIM nihaona tamin'ny birao politika nasionaly.









## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Aza matahotra izay efa hiaretanao; indro, ny devoly efa hanao ny sasany aminareo ao an-tranomaizina, mba ho voazaha toetra hianareo, ary hanam-pahoriana hafoloana. Aoka ho mahatoky hatramin'ny fahafatesana hianao, dia homeko anao ny satroboninahitra fiainana."*
***Apokalypsy 2:10***

### Federasiôna Malagasin'ny Athletisma

# Raherison Dominique no filoha vaovao

Raherison Domique no lany ho filoha vaovao hitantana ny FMA "Federation Malagasy d'Athletisme", nandimby an-dRamatoa Ramanantsoa Norolalao filoha teo aloha. Tamin'ny sabotsy 04 desambra 2021 teo, tao anatin'ny nanatanterahan'ity FMA ity ny fivoriambe AGE nataony teny amin'ny hôtely Panorama Andrainarivo, no nanatanterahana ny fifidianana, ka lany tamin'ny vato 8 noho 5 tamin'ireo ligim-paritra niisa 13 nanan-jo hifidy, natrehan'ny solontenan' ny MJS sy ny solontenan'ny COM ity filoha vaovao ity. Tsy dia vaovao loatra eo amin'ny tontolon'ny athletisma Malagasy raha i Raherison Dominique, satria izy no filoha am-perinasan'ny ligin'ny athletisma eto Analamanga, noho izany efa saika zatra niaraka taminy avokoa ireo teknisiana rehetra amin'ity taranja ity manerana ny nosy. Ramatoa filohan'ny Federasiôna Malagasin'ny Atletisma teo aloha rahateo no "Coach" ho azy teo amin'ny fanatanterahana ny asany tao amin'ny ligin'Analamanga. Tamin' ny fihetsika spaortifa tanteraka no nahatanteraka an'ity fifidianana ity, ka nisy ny fifandraisan-tanan'ny roa tonta mpifanandrina taorian'ny filazana ny vokatra. Hanohy ny be efa vitan'ny teo aloha ho dimbisana, no vaindohan-draharaha hataon'ny mpitantana vaovao, hoy Andriamatoa Dominique, ka ho matotra hatrany ny fiaraha-miasa amin'izy ireo amin'izany. Ny laharam-pahamehana ho anay, hoy izy, dia ny ny akaiky indrindra aloha dia ny fanomanana ny Lalaon' ny Nosy ho avy, ho tanterahina eto amintsika sy ny fanomanana ny lalaon'ny "Francophonie" handraisan'i Madagasikara anjara, avy eo ny fikarakarana an'ireo taninketsan'ny athletisma sy ny fanofanana an'ireo mpanazatra.



*Andriamatoa Raherison Dominique (miakanjo mavo).*

**Rainilita**

### Kick boxing

# « Match de défi Cobra » ho fanomanana ny faha-10 taona

Hanamarika ny faha-10 taona niorenany amin'io taona 2022 hitsidika io, ny ekipana kick boxing Cobra tarihan'ny filohany Andriamialison Paolo Rossi. Nikarakara fifaninanana "match de défi" tetsy amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina noho izany izy ireo, tamin'ny sabotsy 04 desambra 2021 lasa teo, ka nanatrehan'ny mijery ady kick boxing niisa 16, niaraka tamin'ny ady totohondry olympika niisa 4, sy ady Savate Boxe Française niisa 2. Nanampy betsaka ny klioban'ny Cobra tamin'ny fikarakarana an'ity hetsika ity ny fikambanana F.F.A.M: «Force Féminine d'Aide Mutuelle », tarihan'ny filoha nasiônaliny, Ramatoa Misha, izay tonga nanome voninahitra nivantana ny hetsika teny Mahamasina mihitsy tamin'io sabotsy io. Ny fitoviam-pijery eo amin'ny fikarakarana tanora eo amin'ny sehatry ny fanatanjahantena, indrindra ny taranja kick boxing manokana, no nahasarika ny FFAM nanampy ny Cobra, hoy Ramatoa Misha.





*Teny amin'ny kianja mitafon' i Mahamasina ny sabotsy teo.*

**Rainilita**

### 1/2-dalan'ny Doppel Top 20- 2021

# Montsan'ny Miaramila 62-08 ny Mpanao Savony




*Rugby teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka.*

Tontosa teo amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ny andron'ny alahady 05 desambra 2021, ireo lalao ankatoky ny famaranana niisa 4, teo amin'ny fiadiana ny ho tompondaka 2021 eo amin'ny taranja rugby sokajy federaly 1 sy federaly 2. Teo amin'ny ankatoky ny famaranan'ny fifaninanana federaly 2 dia ny Ftat Anosibe nandavo ny Matadore Anosipatra 30-12, sy ny Uscar 2 Commune nandresy ny Fbm Bemasoandro tamin'ny moka fohy 21-20, no tafita hiatrika ny lalao famaranana. Voka-dalao sokajy federaly 2 : Ftat Anosibe 30 – 12 Matadore Anosipatrana, Uscar 2 Commune 21 – 20 Fbm Bemasoandro. Teo amin' ny ankatoky ny famaranana ny Doppel Top 20-2021 kosa dia voatery haverina amin'ny alahady heriny ny lalao nifanandrinan'ny Usa Ankadifotsy sy ny Tam Anosibe rehefa nisy fifanjevoana kely teo amin'ny fanapahan-kevitry ny mpitsara, taorian'ny fanenoan'ny« Gong » famaranana. Voatery nandray fanapahankevitra haingankaingana ny mpitantana ny Malagasy Rugby nivory maimaika taorianan'izay, ka nanambara fa io haverina amin'ny alahady ho avy izao io ny fihaonan'ny roa tonta. Marihana fa efa nitarika tamin'ny isa 21-19 ny Tam Anosibe tamin'io fotoana io. Ny ekipan'ny Cosfa Miramila kosa tetsy ankilany dia nanamontsana ny Stm Savonnerie, Mpanao Savony tamin'ny isa 62-08.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Lelanomby saosy dipoavatra maitso sy voatabia indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso ananas y angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny momba ny aretin'ny voa

Rehefa mahakasika anao ireto tranga ireto dia mety ho tratran'ny insuffisance rénale na marary voa ny olona iray:
1) Rera-dava toa tsy misy hery izany. Rehefa reraka ny voa, izay manivana ny rano rehetra sotroina dia lasa misy loto tafiditra any amin'ny rà.
2) Tsy mety mifantoka rehefa manao zavatra iray.
3) Tsy fahitan-tory.
Mifangaro stress sy fikorontanan'ny fandevonan-kanina.
4) Malain-komana
5) Makiana hoditra.
6) Poritra foana, indrindra amin'ny alina.
7) Mety misy rà ny pipy(cas grave).
8)Mora tratran'ny infections amin'ny maha vehivavy(mivimberina), infections urinaires, troubles urinaires (manotroka ny lokon'ny pipy sady mamofona ratsy)
9) Mivonto ny tongotra sy ny fe ary ny tanana, crampe matetika
10) Marary lamosina.
11) Mivalomainty sy misy tasitasy ny tarehy, sns…
12) Tsy miaina tsara.
Fanafana natoraly amin'izany:
Zavatra ilaina: tongolo gasy hasiny 12 + percil.
Fikarakarana azy:
Mampangotraka rano iray litatra sy sasany, dia alefa ao ireo fangaro ireo rehefa voasasa madio, totoina na potserina ilay tongolo gasy fa ilay percil sasana fotsiny. Avela hangotraka mandritra ny 15 minitra, avela hangatsika dia
tsihifina ny ranony, avy eo dia atao rano fisotro mandritra ny andro.
Ataovy mandritra ny 5 andro. Aza misotro zavatra mamy mihitsy mandritry ny traitement.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Manaratsandry distrikan'i Marovoay faritra Bestiboka

Ny tanànan'i Manaratsandry distrikan'i Marovoay faritra Betsiboka indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Manaratsandry ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa13 mandrafitra ny distrikan'i Marovoay. Any afovoan'ny faritra Betsiboka no misy azy. Mbola tsy dia avo toerana izy, satria 30 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary toy ny any amin'ireo kaominina mandrafitra ny distrikan'i Marovoay. Vokatra any koa ny voankazo: manga. Amin'ny maha tany mamokatra an'i Manaratsandry, saika hita any avokoa ireo foko misy eto Madagasikara.



AKANY TSIMOKA ANOSY - AVARATRA AVARADRANO

## Nisy ny asa an-tsitrapo nataon'ny FTMS sy ny PVNU

Nanatanteraka asa an-tsitrapo ny Akany Tsimoka eny Anosy-Avaratra Antananarivo Avaradrano ny faran'ny herinandro teo. Tamin'ny sabotsy teo ny fotoam-pankalazana ny andro iraisam-pirenena fanaovana asa an-tsitrapo, asa fanasoavana. Marobe ireo fikambanana na vondron'olona nanao izay sitraky ny fony nanampy, nanome fanomezana toy ny hita teny amin'ny Akany Tsimoka Anosy-Avaratra, toerana fitaizana zaza tsy misy mpiahy. Nanolotra akanjo marobe ho entin'ireo ankizy amin'ny Noely sy ny faran'ny taona izao, miampy sakafo maivana amin'ny baoritra maro, izay efa fanomanana ny taom-baovao ihany koa ny teny an-toerana. Fikambanan'ny tanora manao soa: FTMS ireo tonga voalohany teny an-toerana ny sabotsy teo, fikambanana vao niforona teny Tsimbazaza teny, tsy nisalasala ary dia vonona ny hanampy ny akany toy itony tokoa, satria aleo hono mba manosika ny zandry zanaka toy izao, mba ho fitaratry ny ho avintsika ihany koa any aoriana, hoy izy ireo. Ny tolakandro dia mpikambana marobe avy amin' ny "programme volontaire des nations unies " (PVNU) indray no nanolotra ny anjarany, olona 70 teo no eo ry zareo no tonga teny an-toerana, nivimbina vary tamin'ny gony marobe, menaka, sira, siramamy, savony, sns… ka nanambara fa afa-po tamin'ny fandraisana natao sy fampisehoana hira gasy sy dihy nandritra ny fihaonana sy fitsidihana ireo ezaka ataon'ny sekoly: toy ny rafitra, asa-tanana, zaitra, informatika, teny vahiny, mozika... izy ireo. Teo anelanelan 'ireo asa soa nataon'ny vondrona 2 voalaza ireo, nisy ihany koa nanomboka tamin'ny mitaotao vovonana hatramin'ny 3 ora, fifaninanana mamaky teny frantsay ho an'ireo sekolim-panjakana sy tsy miankina marobe eny Anosy-avaratra sy ny manodidina, fikambanana T.A.H.O, izay nanomezan'ny Alliance Francaise loka Asa Soa ihany koa, ho an'ireo mpifaninana izay natrehin'olona maro, FRAM sy ny avy amin'ny kominina Anosy Avaratra. Mampalaza ny Akany Tsimoka ny fanentanana, ka nampiaiky izay nanatrika, satria na tsy misy mpiahy aza ny ankizy dia miezaka hatrany.

***Beharo***



*Ny asa an-tsitrapo teny amin'ny Akany Tsimoka Anosy-Avaratra ny sabotsy teo.*

Toliara

## Nomena finday ireo zandary hanafainganana ny fifandraisana

Nomena finday avokoa ireo zandary any Toliara faritra Atsimo Andrefana, hanafainganana ny fifandraisana iadiana amin'ny tsy fandriampahalemana. Anisan'ny antoka iray hanatsarana ny fitandroana ny fandriampahalemana ny fahafainganan'ny fifanakalozam-baovao. Izany indrindra no nanosika ny Komandin'ny Vondron-tobim-paritry ny Zandarimaria ao Toliara, nametraka finday matanjaka ho an'ireo Zana-tobim-paritra rehetra (Postes fixes et mobiles) sy mpiandry kizo rehetra ao anatin'ireo distrika mandrafitra an'i Toliara. Finday matanjaka efa misy laharan-janapinday (numéro de puce flotte) miisa 48, no natolotra ho an'ireo Komandin' ny Tobim-paritra rehetra, mba ho zaraina ho an'ireo lehiben'ny mpanatanteraka any an-tsehatra izay mazàna somary lavitry ny tobim-paritra. Fiarahamiasa tamin'ny orinasa Orange sy ny Zandarimaria any an-toerana no nanamora ny fahazoana ireo fitaovana. Ho aparitaka ho an'ny mponina ao anatin'ny faritra iadidian'izy ireo ny laharana finday aoriana kely.

***Niaina***



*Fanolorana finday ny zandary tany Toliara.*

Rano sy fanabeazana

## EPP miisa 15 nahazo rano fisotro madio tamin'ny japone



*Ny anjaran'ny EPP Isonjo.*

Sekoly EPP miisa 15 amin'ny faritra Analamanga, no nahazo rano fisotro madio avy amin'ny Ambasadin'i Japon eto amintsika. Ireo EPP ireo dia any Antananarivo Avaradrano, Atsimondrano, Manjakandriana, ary Anjozorobe. Tafiditra amin'ny fandaharanasa fanomezana ho an'ny tetikasa madinidinika ho amin'ny fiahiana ny olombelona izy ity. 75000 euros no tetibidin'izao tetikasa fanomezana rano fisotro madio an-tsekoly izao, ny tanjona hoy ny Masoivohon'i Japon eto amintsika, Higuchi Yoshihiro dia fanatsarana ny fanabeazana sy ny fahasalaman'ny ankizy mianatra amin'ny ambarantonag voalohany eto amintsika.

***Aly***

Anosizato Atsinanana

## Mirongatra indray ny vaky trano miaro vono olona

Miseho lany indray ny tsy fandriampahalemana amin'izao fotoana eny Anosizato Atsinanana Boriboritany faha-4, mirongatra ny vaky trano miaro vono olona. Vola 400000 Ar no lasan'ny jiolahy , raim-pianakaviana maty voatifitra teny an-toerana. Tokony ho tamin'ny 12 ora alina no tonga ireo jiolahy namaky ny varavaran'ilay "épicerie " tsy lavitra ny fiangonana FJKM Hebrona, nisy nahatsikaritra anefa izany, ka lasa nampandre ny Polisy miandraikitra ny fifamoivoizana eo amin'ny Jovena rond-point avy hatrany dia namaly ny antso ny mpitandro filaminana, saingy rehefa tonga teo amin'ny toerana dia ilay raim-Pianakaviana voatifitra teo amin'ny masony, lavo tamin'ny tany no hitan'izy ireo, ilay Renim-pianakaviana kosa nitomany niaraka tamin ny zaza mbola kely . Efa tsy misy mirehitra intsony ireo jiro amin'ny Pôto manazava ny eny amin'iny faritra iny, ka anisan'ny mampirongatray tsy fandriampahalemana . Manaitra ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, mba hijery akaiky ireo toerana tsy misy jiro manazava intsony ny mponina.

***Niaina***



*Ny eny Anosizato Atsinanana.*

Sakaiza manody

## Moto sy vola 40000 Ar latsaka namonoany ny namany

Tranga mampalahelo eo amin'ny samy mpinamana no nitranga tany Antsirabe, faritra Vakinankaratra. Moto sy vola 40000 Ar latsaka kely no namonoan'ny tovolahy iray ny namany. Ity tranga iray ity tokoa no mahafehy ilay fiteny hoe "Sakaiza manody", satria dia Moto scooter marika Yamaha Cygnus, vola 39600 Ar no namonoan'i N.N.Barthelemie ny namany. Soa fa avotra ny ainy noho ny antso sy fanampiana nataon'ny olona tsara sitrapo tamin'ny komandin'ny vondron-tobim-paritry ny zandarimaria Ambatolampy, ny Chef d'Escadron Rakotoarimanana Jaona Marika, izay nanome baiko ka nahatongavan'ny zandary ara-potoana. Mpinamana izy roalahy, samy avy aty Antananarivo. Nikasa handeha hamonjy tsingerintaonan'ny namana iray hafa tany Antsirabe. Notaomin'i N.N.Barthelemie i R.Njakaniaina (tompon'ny moto) hamonjy anniversaire io. Niainga ny harivan'ny Sabotsy izy roalahy. Teo Andalamahitsy, fokontany sy kaominina Ambohimandroso, anefa dia nivadihan'i Barthélemie ity namany. Nijanona izy ireo ka novelesiny tavoahangy ny lohany ary notsindrominy antsy ny tratrany. Ary nentiny nitsoaka nihazo an'Antananarivo ny moto. Tsy maty anefa ity namany, olona tsara sitrapo nahita azy, izay efa manana ny laharan'ny zandarimaria anaty findainy, ka niantso zandary haingana. Novelarina ny sakana teo Tsinjony ary dia voasambotra i Barthélémy. Niaraka amin'ilay moto, sy finday Techno Spark 5 / Itel / Lelavola / Taratasin'ny moto. Ny poste avancé Behenjy tarihan'ny GPHC Satahasimbola Gaëtan, no nandray ny vela-pandrika nahazoana azy. Hatolotra ny fitsarana ny nahavanon-doza.

***Stefa***



*Ilay sakaiza manody nivadika tamin'ny namany.*

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 04/12/2021 hatramin'ny 11/12/2021**

**- RAKOTOARIVONY** (Anakalely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05

**- SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

**- H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65

**- NY AINA** (AndravoahangyAmbony) 020 22 229 95

**- AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1241-12-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FARITRA ANALANJIROFO**

# Mitotongana hatrany ny vidin'ny jirofo

Mitotongana hatrany amin'izao fotoana ny vidin'ny vokatra fanondrana jirofo any amin'ny faritra Analanjirofo. Tsy mitsahatra midina ny vidiny jirofo, ka velon-taraina ireo tantsaha. Ankoatra ny lavanila, anisan'ny vokatra fanondrana mitana ny ampahany be indrindra any amin'ny tapany avaratra atsinanan'ny ihany koa ny Jirofo. Anisan'ny antony mahatonga ny fitotonganan'ny vidiny jirofo io, ny tsy fahavitrihana loatra eo amin'ireo mpanangom-bokatra misehatra amin' ity vokatra jirofo ity hampiasa ny volany. Vitsy ireo mpanangom-bokatra, ka lasa midina isanandro ny vidim-bokatra.

Raha nananika ny 25000Ar ny vidin'ny iray kilao tany amin'ny volana Oktobra, fotoana fanombohany fiotazana, dia efa tafidina ambanin'ny 20000 Ar izany ankehitriny, ary ahina hatrany ny mbola tsy hampitsahatra izany fidinana izany, mandra-pahatapitry ny fotoam-piotazana, izay vinavinaina ho any amin'ny volana febroary any. Ireo mpandraharaha mpanondrana dia nilaza, fa avy amin'ny mpitondra no mahatonga izao fahavoazan'ny tantsaha izao hoy izy ireo. Misalasala handray ny vokatra avy amin'ireo mpanangom-bokatra izy ireo, satria hatramin'izao fotoana efa mampisasaka ny taom-piotazana izao dia mbola tsy mivoaka foana ny fazahoan-dalana, na ny "agrément" ho an'ny orinasa ahafahany manondrana jirofo. Arak'izany, manaitra ny tompon'andraikitra misahana ny fanomezana alalana ireo orinasa mpanondrana vokatra, sy ireo tantsaha mba hamaha ny olan'ireo mpandraharaha vaventy ireo, fa mijaly ny tantsaha.



*Vokatra jirofo eny am-potony any amin'ny faritra Analanjirofo.*

***Aly***

Fitokanana orinasam-bahiny

# Henatra ho an'ny fitondrana Rajoelina





Henatra ho an'ny fitondrana Rajoelina ny fitokanana, ny fanitarana orinasam-bahiny dia ny orinasa Star tany Ambatolampy ny herinandro lasa teo. Ny orinasam-bahiny toy itony isolelafan-dRajoelina, fa ny orinasa Malagasy dia tsy jereny, sady tsy ampian'ny fitondrana Rajoelina mihitsy, hatramin'ny nidiran'ny valanaretina coronavirus teto amintsika ka hatramin'izao, nefa tena latsaka an-katerena ireo orinasa Malagasy maro ami'izao fotoana. Mbola tsy tafarina noho ny fiantraikan'iny valanaretina iny, izay ahiana hiditra amin'ny andiany faha-3 na 3ème vague indray aza amin'izao fotoana. Orinasam-bahiny efa notokanan-dRajoelina koa ny KFC,.. Ny ezaka ataon'ny orinasa Malagasy anefa odiany fanina. Fitondrana ory hava-manana sy saribakolim- bazaha tokoa no misy eto amintsika ankehitriny.

***Stefa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 376**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana


Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0375)

| *Mitsivalana* | | *Mitsangana* | |
|---|---|---|---|
| - Malahelo | - Tenenina | - Mainty | - Harena |
| - Alàna – EM | - Iraka – An | - Ala – Ery | - Ety |
| - Ianareo | - Ina – Roa | - Lanonan(a) | - Leo – Nao |
| - (F)et(y) | | - Ana – Eka | - OM – Tana |

### TENY MIFANAPAKA N° 376




**Mitsivalana**

**1.** Any Melaky **2.** Tsofoka Mpifanao – Aro moka (miv) – Fafa (miv) **3.** Fizaran-taona, vanimpotoana **4.** Hazandrano **5.** Nandeha – Seranana malaza **6.** Lavitra tsy hita maso – Petaho (miv) **7.** Bika sy endrika (miv) – Taova (miv) **8.** Atsahatra – Mpanondro **9.** Tsapa **10.** Fitaovana fanapahana – Ampela (miv)

**Mitsangana**

**A.** Miala voly – Diplaoma **B.** Afo maro loko **D.** Manana ny hajany sy ny derany **E.** Nisintaka – Vatana mangatsiaka (miv) **F.** Manondro toerana – Volana marobe **G.** Singany **H.** Soloy (miv) – Mahantra **I.** Ao amin'ny Baiboly (miv) – Aiza ? – Anaty vava **J.** Nanasana **K.** Naoty (miv) – Mbola tsara sy meva (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0375

**Mitsivalana**

**1.**Fety - Trosa **2.** Torana (miv) **3.** Reraka - Aia ? **4.** Alamina - RN **5.** Ronono - Eto (miv) **6.** Aty - Rova (miv) **7.** Nak(a) - Dadabe **8.** Omaly - Ny **9.** Ambanja **10.** Sivy - Amy

**Mitsangana**

**A** Fararano **B.** Elo - Ampy **D.** Taranaka **E.** Tomany (miv) - Lay **F.** Midinika (miv) **G.** Trano - Bà **H.** Ro - Mandà (miv) **I.** Ota - Ovainy **J.** Botry (miv) **K.** Famerenana (miv)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Ny hetsika tolo-tànana tetsy amin'ny Magro Behoririka, ny sabotsy teo.**













